



**Nataon'ny Loholona Koichi Aoyagi**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Tanana Manampy, Tanana Mamonjy

*Enga anie isika hanaraka ny torohevitra sy ny obatry ny mpaminany ary hitady isan'andro ireo izay mila fanampiana.*

**R**y rahalahiko sy anabaviko, feno fankasitrahana lalina aho noho ny fahafahako hiteny amin'izao fihaonambe izao. Feno fankasitrahana aho noho ny Filoha Monson, ary mijo-ro ho vavolombelona aho fa izy dia mpaminanin'Andriamanitra velona. Tena mampitolagaga ahy ny ohatry ny Filoha Monson izay nandany ny fiaina-ny tamin'ny fampiasana ny tanany hanampiana sy hamonjena ny hafa.

Isika dia miaina amin'ny vaninandro izay hiatrehan'ny olona maro voina isan-karazany sy ilan'izy ireo fanampiana noho ny fandringanana ateraky ny hororontany, ny tafofodranomasina mahery sy avo, ny rivo-doza ary ny loza voajanahary hafa. Ny Fiagonana dia manolo-tanana ireny olona ireny amin'ny alalan'ny asa fanampiana olona. Ny mpikamban'ny Fiagonana dia manome isam-bolana amim-pahatokiana ny fanomezana avy amin'ny fifadian-kanina izay feno fahalalahana-tanana ary manao asa fanoopoana ao anatin'ny fanahin'ny fitiavana. Tena manolo-tanana marina amin'ny fomban'ny Tompo izy ireo. Manaraka ny didin'ny Tompo izy ireo izay manao hoe "Ary tsarovy amin'ny zavatra rehetra ny mahantre sy ny sahirana, ny marary sy ny ory, fa izay tsy


manao ireo zavatra ireo dia tsy mpianatro" (F&F 52:40).

Anio aho dia te hifantoka amin'ireo tanana izay manampy sy mamonjy arapanahy. Asa sy ny voninahitry ny Tompo tokoa ny "manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39). Maro ireo manodidina antsika no mila fanampiana ara-panahy. Rehefa manolotra tanana manavotra amin'ny mpikambana mangatsiaka isika sy amin'ireo izay tsy mpikambana avokoa ny ao amin'ny fia-nakaviany ary amin'ireo izay tsy mitovy finoana amintsika dia manasa ny rehetra isika "hanatona an'i Kristy".<sup>1</sup>

Raha mbola mpikambana vaovao tao min'ny Fiagonana aho dia niaina famonjena ara-panahy iray tamin'ny alalan'ny tanana nanavotra avy tamin'ny mpikambana mahatoky iray tao amin'ny Fiagonana. Lehibe tany Matsumoto Japana aho, akaikin'ny toerana nisian'ny Lalao Olympika atao amin'ny vaninandro Ririnina tany Nagano. Ny tanana niaviako dia tena mitovy be amin'i Salt Lake City, lohasa-ha iray voahodidina tendrombohitra tsara tarehy. Tamin'izaho 17 taona dia nifanena tamin'ny misiônera amerikaina roa dia i Elder Carter sy i Elder Hayashi. Na dia roa na telo taona

monja aza ny elanelan-taonanay, ireo "rahalahy" ireo dia nanana zavatra mahafinaritra izay tsy mbola tsapako teo aloha. Nazoto sy feno fifaliana ary feno fitiavana sy fahazavana izy ireo. Tena nanaitra ahy tokoa ny toetran'izy ireo ary te ho tonga tahaka azy ireo aho. Nihaino ny hafat'izy ireo aho ary nanapa-kevitra ny hatao batisa. Ny ray aman-dreniko izay bodista dia tena nahohitra mafy ny batisako. Tamin'ny alalan'ny fanampian'ny misiônera sy ny Tompo anefa dia nahazo lalana aho ary vita batisa tamin'ny fomba mahagaga.

Ny taona manaraka dia niditra nianatra tao amin'ny oniversite tao Yokohama aho. Ny fipetrahako irery, lavitra ny tanana niaviako sy ny olom-pantattro dia nahatonga ahy ho manirery sy nanalavitra ny Fiagonana. Indray andro, dia naharay karatra postaly avy tany amin'ny mpikamban'ny Fiagonana tany aminay aho. Nanoratra izy fa naheno fa tsy nanatrika ny favorian'ny Fiagonana aho, nanome soratra masina iray izy ary nanasa ahy hiverina any am-piangonana. Nanohina ahy ilay soratra masina. Nanampy ahy hahatsiaro tena izany fa angamba very zavatra manan-danja aho ary dia nieritreritra sy niasa saina nandritra ny andro maro. Izany koa dia nahatonga ahy hahatsiaro ny fampanantenana iray izay nataon'ireo misiônera tamiko hoe, "Raha mamaky ny Bokin'i Môrmôna ianao ary mivavaka mafy mba hanontany raha toa ka marina ny fampanantenana



ao amin'ny Môrônia, dia ho fantatrao amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ny fahamarinana.”<sup>2</sup>

Tsapako fa tsy mba nivavaka tamin'ny foko manontolo aho ary nanapa-kevitra ny hanao izany. Indray maraina aho dia nifoha aloha, nando-halika tao amin'ny efitrano kely fone-nako ary nivavaka tamin-kitsimpo. Gaga aho raha tonga tamiko araka ny nampanantenaina ilay fanamasifana avy amin'ny Fanahy Masina. Nafana ny foko, nihovitrovitra ny vatako ary feno fifaliana aho. Tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina no nianarako fa Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany dia velona, ary tena niseho tamin'ny mpaminany Joseph Smith Izy ireo. Nanao fanekena aho tao am-poko fa hibebaka ary hanaraka amimpahatokiana an'i Jesoa Kristy mandritra ny androm-piainako sisá.

Izany traikefa ara-panahy izany dia nanova tanteraka ny fiainako! Nanapa-kevitra ny hanao asa fitoriana aho ho fankasitrahana ny Tompo sy ilay mpikamban'ny Fianganana nana-votra ahy. Taorian'ny asa fitoriana na-taoko dia nofehezina tany amin'ny Tempoly tamin'ny tovovavy iray mahafinaritra aho ary nahazo zanaka efa-tra izahay. Tena tsy fifanojoan-javatra mihitsy, fa io tovovavy io ihany ilay nanavotra ahy tamin'ny alalan'ny fan-defasany karatra postaly iray ho ahy tany amin'ilay efitrano maniry no-nenako tany Yokohama taona maro lasa izay. Hankasitraka foana mandrakizay ny famindram-pon'ny Tompo aho sy ny fanampian'io mpikamban'ny Fianganana io izay nanasa ahy indray “hanatona an'i Kristy.”<sup>3</sup>

Fantattro fa maro aminareo no manolotra isan'andro tsy ampahibemaso ny tananareo izay feno fitiavana ary mitondra fanavotana. Ao anatin'izany ny rahavavy iray mahatoky ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana izay tsy mihevitra fotsiny ihany ireo rahavavy izay nampiandraiketina azy hovangiany fa ny veihivavy rehetra izay marary na sahirana koa. Mamangy olona matetika izy ary nankahery ny finoan'olona maro nandritra ny taona maro. Mahatsiaro eveka iray aho izay mamangy mate-tika ireo mananotena ao amin'ny paroasiny. Izany fomba fanampiana izany dia nitohy nandritra ny taona



maro taorian'ny nisaorana azy.

Mahafantatra mpitarika iray ao amin'ny fisoronana aho izay maka fo-toana iarahana amin'ny zatovolahy iray izay vao namoy ny rainy. Miaraka ami-ny izy mandritra ny fiaraha-mientana, ary mampianatra azy ny filazantsara sy manome torohevitra araka izay ho na-taon'ny rainy azy. Ny fianakaviana iray dia mifaly amin'ny fizarana ny filazantsara. Ireo ray aman-dreny sy ireo zanaka dia samy mijoro ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara amin'ireo manodidina azy ary mamy hoditra amin'ny maro.

Tao anatin'ny fandaharan'asa iray tao amin'ny kilonga, ny zafikeliko vavy dimy taona dia mampiditra voan-katsaka iray ao anatin'ny tavoahangy lehibe iray isaky ny manao zavatra tsara izy. Hirainy amin'ny feo mafy ity hiran'ny Kilonga ity rehefa mitady zavatra tsara mba hatao isan'andro izy, “Suis les prophètes, suis les prophètes, car ils sauront toujours te guider!”<sup>4</sup>

Tsy manam-potoana ilazàna amina-reo mikasika ny zavatra tsara rehetra hitako ataon'ny mpikamban'ny Fianganana aho. Manaraka ny torohevity ny mpaminany izy ireo—tsy amin'ny ma-ha adidy na andraikitra izany, fa noho ny finiavany manokana tsy an-tery, ary tsy ilaina fantatty ny hafa sy atao amim-pifaliana.

Indraindray dia mahatsapa ho male-my isika ary tsy ampy hery hanavotana

ny hafa saingy mampahatsiahy antsika ny Tompo hoe, “lazaiko aminareo marina tokoa: araka izayefa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataona-reo tamiko” (Matio 25:40).

Hamarana amin'ny alalan'ny tenin'ny Filoha Thomas S. Monson aho hoe: “Ry rahalahiko sy anabaviko, voahodidin’ireo izay mila ny fikarakarantsika, ny fankaheerezantsika, ny fanohanantsika, ary ny hatsaram-panahintsika isika—na olona ao amin'ny fianakaviana izy ireo na namana, na olom-pantatra na koa mpivahiny. Isika no tånan'ny Tompo ety ambony tany, miaraka amin'ny iraka hanompo sy hanome hery ny zanany. Miantehitra amin'ny tsirairay amintsika Izy.”<sup>5</sup>

Enga anie isika hanaraka ny torohevitra sy ny ohatry ny mpaminany ary hitady isan'andro ireo izay mila fanampiana, mba hahafahantsika ho tonga tanan'ny Tompo eo amin'ny fanampiana sy ny fanavotana ny zanany. Izany no vavaka atao amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo Torio ny Filazantsaroko: *Torolalana bo an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 1.
2. Jereo Môrônia 10:4–5.
3. Jereo Matio 11:28.
4. “Suis les prophètes”, *Chants pour les enfants* (1997), 58.
5. Thomas S. Monson, “Inona no zavatra na-taoko ho an'ny hafa androany?” *Liabona*, Nôv. 2009, 86.